Rio Tinto

Desambra 2009
www.riotinto.com

Ny fomba fiasantsika

Ny fehezam-pitsipika iraisantsika amin'ny fanaovan-draharaha

Rio Tinto

Rio Tinto dia orinasa anisan'ny loha-laharana eran-tany eo amin'ny sehatry ny fikarohana, fitrandrahana ary fanodinana ny harena ankibon'ny Tany. Ny Vondrona dia fitambaran'i Rio Tinto plc, orinasa misoratra amin'ny Tranombola Fifanakalozana ao Londres sy New York, sy Rio Tinto Limited, izay misoratra amin'ny Tranombola fifanakalozana Aostraliana. Ny zava-kendrentsika dia ny fanaovan-draharaha toy ny fikambanana miray volo izay mampakatra faran'izay avo ny tombontsoa azo avy amin'ny fomba fanaovan-draharaha manara-penitra sy iraisana amin'ny asa atao rehetra.

Ny tanjon'ny Vondrona dia ny hampiakatra faran'izay avo ny tombontsoa rehetran'ny mpampiasa vola avy amin'ny fikarohana, fitrandrahana ary fanodinana ny harena voajanahary mandritra ny fotoana maharitra. Ny paik'adintsika dia ny fampiasam-bola amin'ny fitrandrahana tobin'akora goavana, mety maharitra fotoana lava, tsy be masonkarena ka afaka mifaninana ary tsy dia mifototra loatra amin'ny safidy ny karazan'akora fa amin'ny fahatsaran'ny tranga fanararaotra.

Ny vokatra manan-danja trandrahana dia ny aliminiôma, varahina mena, diamondra, arintany, oraniôma, volamena,ary mineraly indostrialy (bôrata, "dioxyde de titane", sira, "talc"), akoram-by. Ny fandraharahana ataontsika dia manerana izao tontolo izao, betsaka kokoa any Aostralia sy Amerika Avaratra nefa misy manan-danja ihany koa any Amerika Atsimo, Azia, Eoropa sy faritra atsimon'i Afrika.

N'aiza n'aiza toerana hiasan'i Rio Tinto, dia laharam-pahamehana aminy ny fahasalamana sy fiarovana ny mpiasa amin'ny loza, ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana maharitra ary ny fanaovan-draharaha am-pahamarinana. Miara-miasa akaiky amin'ny firenena sy ny fiarahamonina mpampiantrano isika, manaja ny lalànany sy fomban-taniny ary manao izay hizarana ara-drariny ny tombontsoa sy ny tranga fanararaotra.

'Ny fomba fiasantsika'

Manana anjara lehibe amin'ny fahombiazantsika ny lazan'i Rio Tinto amin'ny fijoroany ho tompon'andraikitra eo amin'ny fanaovan-draharaha.

Ny lazantsika dia azo avy amin'ireto soatoavina efatra ireto izay mamaritra ny hoe iza isika ary ho lasa inona amin'ny hoavy, dia ny Fijoroana ho tompon'andraikitra, ny Fanajana, ny Fifarimbonana amin'ny asa ary ny Fahamarinana.

Ireo soatoavina ireo dia miseho amin'ny alalan'ny foto-kevitra sy fenitra amin'ny fanaovan-draharaha voasoritra ao anatin'*'Ny fomba fiasantsika'*. Izy ireo no mamaritra ny fomba hiatrehantsika ny fanamby ara-toekarena, sosialy sy tontolo iainana, ary ilaina mba hahatontosantsika ny teny nomentsika handray anjara amin'ny fampandrosoana maharitra.

Manan-danja kokoa noho ny teny ny fihetsika. Ny fihetsika amam-panaon'ny tsirairay avy amintsika rehetra no hamaritra hoe mahomby isika na tsia ary koa ny fomba fijerin'ny olona an'i Rio Tinto. *'Ny fomba fiasantsika'* no feon'ny fieritreretantsika. Ny fihetsika ama-panaontsika no hitondra fahombiazana izay mety ho reharehantsika rehetra ny hizara azy – ary tsy ho takona afenina amin'ny hafa.

Hanampy antsika hampaharitra ny fahombiazana eo amin'ny fandraharahana ny fiasantsika mifanaraka amin'ny soatoavintsika avy amin'ny alalàn'ny fampivelarana fifandraisana mahomby kokoa sy famporisihina ny firosoana lalindalina sy fandraisana anjara bebe kokoa ho an'ny tombontsoan'ireo mpiray monina amintsika eo an-toerana.

Makà ary fotoana hamakiana sy hahafantarana *'Ny fomba fiasantsika'* ary hitodiho mandrakariva izy eo amin'ny asa ataonao.

Jan du Plessis
Filohan'ny Filankevi-pitantanana

Tom Albanese
Filoha Tale Jeneraly

Desambra 2009

Fanoroam-pejy

Mikasika *'Ny fomba fiasantsika'* **5**
Andraikitry ny orinasa sy fampandrosoana maharitra 5
Ny fampiasana *'Ny fomba fiasantsika'* 6

Fampiharana *'Ny fomba fiasantsika'* **7**
Amin'iza no hampiharana azy? 7
Ny andraikitsika 7
Fanatanterahana sy fampanarahan-dalàna 8
Fametraham-panontaniana sy fitaterana fandikan-dalàna 9
Speak-OUT 10

Ny toeram-piasana **11**
Fiarovana amin'ny loza 11
Fahasalamana 11
Asa aman-draharaha 12
Fanimbana noho ny fanafody na alikôla 13
Aro-loza sy fahatanjahan'ny fandraharahana 13

Zon'olombelona, Mpiray monina sy Tontolo lainana **14**
Zon'olombelona 14
Mpiray monina sy mponina zanatany 14
Fizakan-jo amin'ny tany 15
Tontolo iainana 16

Fahamarinana eo amin'ny fandraharahana **18**
Fifanoheran-tombontsoa eo amin'ny asa 18
Fifaninanana / Olana amin'ny ady amin'ny ampihimamba 19
Tsolotra sy kolikoly 19
Fanomezana sy famalifaliana 20
Fanaovana fandraharahana am-pahamarinana 21
Fandraharahana iraisam-pirenena 21
Fanararaotana fahalalam-baovao anatiny 22

Fananan'ny Vondrona sy fitantanam-baovao **23**
Fanaraha-maso eo anivon'ny orinasa sy raki-taratasin'ny Vondrona 23
Fampiasan'ny mpiasa ny fananan'ny Vondrona 23
Fampiasan'ny mpiasa ny fananana elektronika 24
Vaovao tsiambaratelo 25
Fananana ara-tsaina 25
Fitandroana ny antontam-baovao mikasika olona manokana 26

Fifandraisana amin'ny Fanjakana, fampitam-baovao sns, ary ny mpampiasa vola **27**
Fifandraisana amin'ny fanjakana 27
Fifaningorana amin'ny politika 27
Firesahana amin'ny fampitam-baovao sy ny mpampiasa vola 28
Fangaraharana 28

Tovana
Fifanarahana iraisam-pirenena tohanana sy fanomezan-teny an-tsitrapo **29**

Mikasika *'Ny fomba fiasantsika'*

Andraikitry ny orinasa sy fampandrosoana maharitra

***'Ny fomba f iasantsika'* ny antsika no fehezam-pitsipika iraisana momba ny fomba fitantanan-draharahan'ny orinasa. Io no mitehiry ny foto-kevitra sy fenitra amin'ny fitantanan-draharaha izay manantitrantitra ny teny nomentsika mikasika ny andraikitry ny orinasa.**

Efa mihoatra ny folo toana izao no nanontana sy namoahana voalohany *'Ny fomba fiasantsika'*, raha tamin'ny taona 1997 izany. Miova ny zavatra handrasana sy fitsipika manodidina ny andraikitry ny orinasa, ary miova toy izany koa ny tontolon'ny asantsika. Noho izany dia nasiam-panitsiana tamin'ny taona 2003 *'Ny fomba fiasantsika'*.

Ity fanontana fanintelony ity dia maneho ny hamafin'ny fahavononantsika hanatontosa ny asam-pandraharahana am-pahamarinana. Izany dia mitaky amintsika hitandro ny fenitra hentitra amin'ny fahatsaram-pitantanana eo anivon'ny orinasa sy handray anjara amin'ny fampandrosoana maharitra. Raha ny tena marina dia ny ny fampandrosoana maharitra no hifantohantsika – firoboroboan'ny toekarena, fiadana-miainan'ny fiarahamonina, fahatsaram-pitantantana ny tontolo iainana sy rafitra matanjaka mitandro ny fahatsaram-pitantanana sy fahamarinana – sy manome sehatra ivelaran'ny fandraharahantsika ary dia ho lohahevitra lehibe hiverimberina ato anatin'ity bokikely ity izany. Ny fanatanterahantsika ny teny nomentsika momba ny fampandrosoana maharitra dia midika ho fanomezan-danja ny fampandrosoana maharitra ao anatin'ny Soritr'asam-pandraharahana ("business plans") an'ny orinasa sy ny rindran-damina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Tsy mandeha ila akory *'Ny fomba fiasantsika'*. Ireo soatoavina efatra dia ny Fijoroana ho tompon'andraikitra, ny Fanajana, ny Asa Ifarimbonana ary ny Fahamarinana no manentana ny fenitra amin'ny fanaovan-draharaha. Ary koa mampiditra singa manan-danja amin'ny fanomezan-teny an-tsitrapo izay toavintsika rehetra.

Ny ampahany betsaka amin'ny votoatin'*'Ny fomba fiasantsika'* dia notsoahina avy amin'ny ary tohanan'ny fitambaran'ny fitsipika sy fenitr'i Rio Tinto. Na izany aza anefa, *'Ny fomba fiasantsika'* dia tsy mirakitra ny antsipiriany ampy hanazava ny lafiny rehetra amin'ny politika sy fenitra rehetra arahan'ny Vondrona. Ankoatr'izay dia tsy mahasahana politika sy fomba fanaovan-draharaha eny anivon'ny orinasa anatin'ny Vondrom-bokatra na singam-pihariana manokana izay mametraka fitakiana fanampiny mikasika ny fomba fanaontsika. Noho izany dia tokony raisintsika andraikitra ny fifankazarana tsy amin'*'Ny fomba fiasantsika'* fotsiny fa amin'ireo politika sy fenitra rehetra tohana mifanandrify amin'ny sehatry ny asantsika manokana.

Ny politika sy fenitra rehetran'ny Vondrona dia hita amin'ny "Intranet" na koa azo hangatahana dika an-taratasy ao amin'ny Sampana mpiahy ny mpiasa eo an-toerana. Ho an'ireo izay mamaky ny dikan-tenin'ny bokikely elektronika, ny politika sy fenitra ilaina dia voalahatra araka ny lohateniny sy azo jerena amin'ny fanarahana ny rohy amin'ny tranonkala.

Hevitra maro ao amin'*'Ny fomba fiasantsika'* no mifandrohy. Noezahanay ny nanao indray mibango indray mandeha ihany ny lohahevitra rehetra – ary nanao fampiofanana, nampiasa fanontaniana sy valiny sy tohan-kevitra hanampy amin'ny fanazavana ny zava-kendrena sy andrasana ao ambadiky ny lohahevitra tsirairay.

'Ny fomba fiasantsika' dia nankatoavin'ny Filankevi-pitantanan'i Rio Tinto taorian'ny fakan-kevitra anatiny sy ivelany. Hanohy ny famahana ireo olana arakarak'izay hisehoany i Rio Tinto mba iantohana fa mbola mifanentana amin'ny zava-misy *'Ny fomba fiasantsika'* amin'ny hoavy.

Tohan-kevitra

Sustainable development policy – Fampandrosoana maharitra

Tsy mandeha ila *'Ny f omba fiasantsika'*

Ahoana ny fomba fampiasana *'Ny fomba fiasantsika'*

- Fantaro fa tsy mikasika ny mpiasa anatin'ny Vondrona fotsiny *'Ny fomba fiasantsika'*, fa mihatra amin'olona maro hafa; Jereo ny fizaran-dohatenin'ny bokikely ao amin'ny hoe "Amin'iza no hampiharana azy";
- Fantaro ny andraikitrao voalahatra ao amin'ny fizaran-dohateny "Ny andraikitsika";
- Fantaro tsara ireo lohahevitra samihafa noresahina ao anatin' *'Ny fomba fiasantsika'*, ary ahoana no mampifanentana azy amin'ny sehatry ny asanao manokana; ary
- Fantaro ny safidy azo atao ao amin'ny fizaran-dohateny "Fametraham-panontaniana sy fitaterana fandikan-dalàna", mba ho vonona tsara ianao, raha manana fanontaniana na te-hanao tatitra mikasika fandikana '*Ny fomba fiasantsika*'.

Fampiasana *'Ny fomba fiasantsika'*

Amin'iza no ampiharana azy?

***'Ny fomba fiasantsika'* dia mihatra amin'ny Tale, tompon'andraikitra ambony sy ny mpiasan'i Rio Tinto, ary koa ireo sampany sy orinasa izay hananany fahefana.**

Andrandraina hifanaraka amin'"*Ny fomba fiasantsika*' ihany koa amin'ny alalàn'ny fepetra mifanentana voarakitra ao anaty fifanarahana ireo manampahaizana filana hevitra, ny mpandraharaha, ny mpiantoka sy ny mpamatsy an'i Rio Tinto eo amin'ny raharaha rehetra ifandraisany na ataony amin'ny anaran'ny Vondrona. Tokony ataontsika ny hahazoana antoka fa fantatr'izy ireo ny votoatin'*'Ny fomba fiasantsika'* amin'ny fanondroan-toerana ny dikany ao anatin'ny toby oebin'i Rio Tinto **www.riotinto.com** na amin'ny fanomezana azy ireo dikany an-taratasy raha sendra tsy manana fahafahana miditra amin'ny "Internet" izy ireo.

Rio Tinto dia mino fa ireo fotokevitra voarakitra ao anatin'*'Ny fomba fiasantsika'* dia lalaina eran-tany. Koa dia ho ezahantsika araka izay tratra izay hampanajana ireo fenitra amin'ny fanaovan-draharaha an'ireo mpiombon'antoka amin'ny fiaraha-manana orinasa sy ireo orinasa misy fandraisana anjarantsika nefa tsy eo ambany fifehezantsika.

Ao anatin'ny bokikely *'Ny fomba fiasantsika'* manontolo ireo teny hoe "orinasa", "Vondrona", Rio Tinto", na "Rio Tinto Group" dia midika ho Rio Tinto plc sy Rio Tinto Limited sy ny sampan'ny orinasa, ny orinasa miara-miasa sy ireo izay hananan'i Rio Tinto plc na/sy Rio Tinto Limited fandraisana anjara manome azy tombony amin'ny fifehezana.

Tohan-kevitra

Leading at Rio Tinto (leadership competencies) – Fitarihana eo anivon'i Rio Tinto (fahaiza-mitarika)

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Ny andraikitsika

Isika tsirairay avy dia manana andraikitra hiasa amim-pahamarinana rehefa miasa amin'ny anaran'i Rio Tinto.

Andrandraina hanaja ny lalàna, *Ny fomba fiasantsika'* ary ny politika sy fenitr'i Rio Tinto ny mpiasan'i Rio Tinto rehetra any amin'ny toerana rehetra iasantsika. *'Ny fomba fiasantsika'* ary ny politika sy fenitr'i Rio Tinto. Tsy antony azo ekena amin'ny tsy fanarahan-dalàna amam-pitsipika ny tsy fahafantarana, koa andraikitsika rehetra ny mahafantatra ny lalàna mifandray amin'ny asantsika.

Manontania tena rehefa handray fanapahankevitra momba ny asa ianao:

- Ara-dalàna ve izany?
- Manaraka *'Ny fomba fiasantsika'* sy ny politika sy fenitr'i Rio Tinto mifandray amin'izany ve aho amin'ny ataoko?
- Hisy vokatra ratsy mivantana na tsy mivantana ho an'i Rio Tinto ve ny ataoko?
- Ahoana no ho fieritreretan'ny fianakaviako, namako na mpifanolobodirindrina amiko ny zavatra nataoko?
- Tokony ho tazoniko ho tsiambaratelo ve izay ataoko?
- Tiako ve ny hahita ny zavatra ataoko taterina amin'ny pejy voalohany amin'ny gazety?

Raha toa ka tsy mampahazo aina anao ny iray amin'ireo valinteny ireo, ny tsara indrindra dia aleo tsy manao. Raha misalasala ianao amin'izay tokony atao, vakio *'Ny fomba fiasantsika'*, miresaha amin'ny Talenao, na raha tianao kokoa, mifandraisa amin'ny iray amin'ireo olona na toerana voatondro hifandraisana ao anatin'ity bokikely ity.

Raha misalasala amin'ny fampiasana *'Ny fomba fiasantsika'* na ny lalàna eo an-toerana ianao, izay mifanentana sy hentitra indrindra amin'ireo roa ireo ampiasaina, na koa mifandraisa amin'i Rio Tinto Compliance (Sampan-draharahan'ny fampanarahan-dalàna ao amin'i Rio Tinto) maka toromarika.

Raha sendra mahafantatra zavatra tsy ara-dalàna ianao, na mifanohitra amin' *'Ny fomba fiasantsika'* na ny politika sy fenitr'i Rio Tinto, dia andraikitrao ny mitatitra an'izany (arakaraky ny lalàna misy eo an-toerana), amin'ny fampiasana ny rafitra fanaovana tatitra voalaza ao amin'ny fizaran-dohateny "Fametraham-panontaniana sy fanaovana tatitra ny fandikan-dalàna".

Ny fandikana ny lalàna, *'Ny fomba fiasantsika'*, ny politika sy fenitr'i Rio Tinto dia hitarika fepetra famaizana mety hiafara amin'ny fandroahana. Ireo manampahaizana filana hevitra, mpandraharaha, mpiantoka na mpamatsy izay tsy manaja *'Ny fomba fiasantsika'* dia mety ho faranana na tsy havaozina intsony ny fifanekena nifanaovana taminy.

Ireo tompon'andraikitra amin'ny toeram-pitantanana dia manana andraikitra manokana hitarika amim-pahamarinana amin'ny alalàn'ny fanomezana ohatra. Izy ireo dia tokony hanamarina fa ireo mpiasa ambany fifehezany sy ireo mpiantoka dia mahafantatra ary manaraka *'Ny fomba fiasantsika'*.

Tohan-kevitra

Leading at Rio Tinto (leadership competencies) – Fitarihana eo anivon'i Rio Tinto (fahaiza-mitarika)

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fanatanterahana sy fanarahan-dalàna

Manana fenitra sy rafi-pitantanana maro isan-karazany mipetraka isika miantoka ny fanatanterahana araka ny tokony ho izy *'Ny fomba fiasantsika'* sy ny fanarahana azy.

Mihoatra noho ny tahirin-kevitra an-taratasy na elektronika fotsiny ny fehezam-pitsipika amam-panao toy *'Ny fomba fiasantsika'*. Tokony hanana ny heriny avy aminy manokana izy rehefa fantatry ny mpiasa rehetra sy tena iainany eo amin'ny asany.

Ny lehibe indrindra amin'ny fandaharan'asantsika eo amin'ny fampanarahan-dalàna dia misoratra ao amin'ny Fenitr'i Rio Tinto amin'ny fanarahan-dalàna (Rio Tinto *Compliance standard*). Io no mametraka ny rindran-damina amin'ny fanarahan-dalàna, *'Ny fomba fiasantsika'* sy ny politikantsika, ny fenitra ary ny fanomezan-teny an-tsitrapo. Ny rindran-damina amin'ny fanarahantsika lalàna dia mitaky ireto:

- Fanomezan-teny avy amin'ny orinasa sy fiantsorohana andraikitra;
- Famantarana ny andraikitra amin'ny fanarahan-dalàna sy ny loza mety hitranga;
- Fitantanana ny loza toy izany
- Fiarovana mialoha (ohatra fiofanana sy fomba fanatanterahana asa);
- Famotopotorana sy fanaraha-maso;
- Fanamarinana sy fanaovana jery kiana; ary
- Fanaovana tatitra sy fitehirizana antontan-taratasy

Tohan-kevitra

Compliance standard – Fenitra amin'ny fanarahan-dalàna
Risk policy and standard – Politika sy fenitra mikasika ny loza ahiana hitranga
HSEQ management system standard – Fenitra ami'ny raf-pitantanana SPEQ

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fampiasana *'Ny fomba fiasantsika'* (tohiny)

Fametraham-panontaniana sy fitaterana fandikan-dalàna

Maro ny safidy am-pelatanan'ny mpiasa raha toa ka manana fanontaniana izy ireo, na te-hitatitra ny fandikana ny lalàna, *'Ny fomba fiasantsika'* na ny politika sy fenitra mifandray amin'izany.

Azonao atao ny:

- Miresaka amin'ny lehibenao – izy matetika no olona tsara atonina voalohany indrindra;
- Mampiasa ny fomba voatondro eo anivon'ny orinasa toy ny "Rafitry ny fikarakarana ara-drariny" na "Rindran-damina amin'ny fitarainana manara-dalàna";
- Miresaka amin'ny mpiara-miasa ao amin'ny Sampana miahy ny mpiasa ao amin'ny toerana iasanao;
- Raha ilaina dia antsoy:
  - ny mpahay lalànan'ny orinasa;
  - ny mpiara-miasa ao amin'ny "Corporate Assurance";
  - ny "Rio Tinto Compliance"; na
- Ampiasao ny rafitra *Speak-OUT* (jereo amin'ny pejy etsy ankila ny momba an'io).

Ho arahina avokoa ny vaovao voaray avy tamin'ny alalan'ireo zotra notanisaina teo ambony ireo. Tsy ho voaarakaraka izay olona mitatitra fiahiahiana fandikana ny na ny politikan'i Rio Tinto amin-kitsim-po.

Ankoatr'izany dia nanokatra tahirin-kevitra misy fanontaniana sy valinteny azo jerena amin'ny "Internet" isika, izay manome ohatra trangam-piainana misy ifandraisany amin'*'Ny fomba fiasantsika'* ary misy valinteny afaka manampy anao amin'izay tokony ho atao amin'izany.

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Ireo izay manana dika elektronika amin'ity bokikely ity dia afaka mahita ny fanontaniana sy valinteny mifanentana amin'ny olana samihafa sy ny mahakasika ny politika voalaza ao anatin'ity tahirin-kevitra ity amin'ny fanarahana ny rohy amin'ny toby oeby.

Speak-OUT

Ny mpiasan'i Rio Tinto dia afaka mampiasa ny *Speak-OUT*, laharan-tariby tsy andoavam-bola hitaterana olana goavana na fihetsika amam-panao tsy sahaza ny mpitantana ambony. Na fanaovana hosoka io, na fanavakavahana na fanaovana ara-dava, na herisetra, fandikana lalàna, politika na fitsipika, na olana miantraika amin'ny tontolo iainana dia azon'ny mpiasa resahana avokoa.

Speak-OUT dia azo ampiasaina 24 ora isan'andro, 365 andro isan-taona, ary misy tan-tsoroka amin'ny tenim-pirenena maro. Mpanadina efa voahofana no mandray ny antso. Izay mampiasa ity zotra iray ity dia tsy voatery mitonona anarana. Ilay mpanadina avy eo no mitatitra ny antso amin'ny mpitantana ambony, atao ny fanadihadiana ny votoatin-dresaka ary raisina ny fepetra sahaza. Isam-bolana dia handefasana filazana momba ny ambangovangon'ny antso voaray rehetra ny Tale jeneraly sy ny lehibe mpitantana iraisana amin'ny Sampana fampanarahan-dalàna.

Tsy leferintsika ny fanenjehana atao amin'ny mpiara-miasa nampiasa ny *Speak-OUT* tamin-kitsim-po.

Misy ny firenena sasany izay manisy fameperana amin'ny fampiasana laharan-tariby manokana amin'ny fitarainana ao amin'ny orinasa, ary any amin'ireo firenena ireo dia tantanina araka ny fepetra takiana eo an-toerana ny *Speak-OUT*.

Ny mombamomba ny *Speak-OUT*, sy ny laharan-tariby azo iantsoana eo an-toerana dia hita eny amin'ny toerana fiasana rehetra.

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Ny toeram-piasana

Aro-loza

Manome teny izahay hampisy toeram-piasana lavitry ny loza na faharatrana. Ny tanjontsika dia voina aotra.

Ny fihetsiky ny tsirairay dia manampy ahatrarana ny tanjon'ny toeram-piasana lavitry ny loza na faharatrana; noho izany dia takiana ny fanatanterahana feno sy mitohy ny fenitra sy rafitra ary rindran-damin'i Rio Tinto amin'ny aro-loza.

Rio Tinto dia mampivelatra kolontsainan'ny aro-loza izay mitaky, fitarihana an'ohatra mazava fandraisana anjara mavitrika avy amin'ny mpiasa sy ny mpiantoka ary famporisihina ny fitiavana hianatra sy ny fitsinjovana ny maha-olona ao amin'ny toeram-piasana. Ny rafitra hitantanantsika ny Aro-loza sy Tontolo Iainana (SPE) dia mitaky amintsika hanamafy ny famantarana ny loza, ny famakafakana sy fitantanana ny loza mety hitranga ka ao anatin'izany ny famantarana ny toe-javatra izay iva dia iva ny taha amin'ny fanampoizinana ny hisehoany nefa raha mitranga dia mety hiteraka voka-dratsy mahatsiravina.

Tohan-kevitra

Safety policy – Fenitra amin'ny aro-loza
HSEQ management system standard – Fenitra amin'ny rafi-pitantanana SPEQ
All corporate safety standards – Fenitra rehetran'ny orinasa mikasika ny aro-loza

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fahasalamana

Manome teny isika hitandro ny fahasalamana sy ny fiadana-miaina.

Miaiky Rio Tinto fa ilaina amin'ny fahombiazantsika ny mpiasa salama sy mamokatra, ary ilaina ny misoroka ny fisian'ny tranga vaovao amin'ny loza arak'asa. Ny tarigetrantsika dia ny hampihena araka izay tratra ny tranga vaovao mandavan-taona, amin'ny alalàn'ny famantarana, fanaovana tombana ary fifehezana ny toeram-piasana eo amin'ny lafiny fanakaikezana loza, ary ny fametrahana fandaharan'asa momba ny fahasalamana sy ny fiadana-miaina.

Manana amboaram-penitra fototra enti-miatrika ireo olana lehibe amin'ny fahasalamana isika, izay tanterahina amin'ny alalàn'ny fanabeazana, fiofanana, rindran-damina sy fomba fiasa.

Namolavola ary manana paik'ady isika enti-miatrika ny loza mety ateraky ny Sida, ary mavitrika amin'ny fametrahana fandaharan'asa mikasika ny fahasalaman'ny mpiray monina eny amin'ny toerana misy ny fitrandrahantsika.

Tohan-kevitra

Health policy – Fenitra mikasika ny fahasalamana
Sustainable development policy – Politikan'ny fampandrosoana maharitra
HSEQ management system standard – Fenitra amin'ny rafi-pitantanana ny SPEQ
All corporate health standards – Fenitra rehetran'ny orinasa mikasika ny fahasalamana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Asa aman-draharaha

Isika dia manaja ny zo sy ny fahamendrehan'ny mpiasantsika mandritra ny asantsika manontolo ary koa ny an'ireo mpiombon'antoka amintsika.

Ny fanajana no fototra lehibe indrindra raha te-hanana toeram-piasana mirindra izay manandratra avo ny zon'ny mpiasa sy manohana ny fahamendrehan'izy ireo, tsy misy fampitahorana, fanavakavahana, na faneriterena

Araka izany isika dia:

- mandrara ny fanavakavahana miorina amin'ny volon-koditra, ny maha-lahy na maha-vavy, ny firenena nihaviana, ny fivavahana, ny taona, ny fironana amin'ny lafiny filàna ara-nofo, ny firehana politika, na amin'ny toetra manokana izay ananan'ny tsirairay ka arovan'ny; na izany aza anefa dia mitazona ny zony ny Vondrona hisintaka amin'ny fitsipika mba hanomezana tombon-dahiny ny mponina eo an-toerana amin'ny fandraisana mpiasa raha toa mamela ny fanaovana izany ny lalàna eo an-toerana;
- manome lanjany lehibe ny fahasamihafana, mandray tsara ny mpiasa samy hafa kolontsaina sy firazanana ary ny fitantanana mira lenta ny lahy sy ny vavy;
- mandrara ny fampiasana teny tsy mendrika eo amin'ny toeram-piasana, anisan'izany ny teny ratsy na fiozonana, ny teny maneho tsy fahalalam-pomba na fanompana;
- tsy manaiky faneriterena na fampitahorana eo amin'ny toeram-piasana;
- manohitra ary tsy manaiky ny asa an-terivozona na fampiasana ankizy sy;
- mankatoa ny zon'ny mpiasa tsirairay hisafidy ny fidirana na tsia amin'ny fikambanan'ny mpiasa ary hikatsaka ny fiadian-tombontsoa iraisana;
- mametraka rafitra ara-drariny sy mangarahara mikasika ny fanomezan-karama;
- miezaka hanatsara ny fahaiza-manaon'ny mpiasa, amin'ny alalàn'ny jery tombana ara-potoana ny fahombiazana eo amin'ny asa sy fanatanterahana fampianarana sy fanofanana ary tan-tsoroka raha ilaina izany.

Tsy azon'i Rio Tinto leferina ny fanaovana ara-dava noho ny filàna sy ao amin'ny toeram-piasana. Ny ataontsika hoe fanaovana ara-dava noho ny filàna dia mety ho fanerena olona amin'ny firaisana tsy iriny, fanaovana resaka kivalavala momba ny maha-lahy na maha-vavy, fanaovana tsindry misoko na ankitsirano hanery fitia, na fanaovana resaka mifonofono mikasika firaisana na fitaomana miteraka fahatafintohinana. Ny atao hoe fanaovana ara-dava ao amin'ny toeram-piasana kosa dia mety ho fandrahonana, fampitahorana, fanaovana herisetra ara-batana, sy fanabantiana olona na fampitokana-monina.

Tohan-kevitra

Human rights policy and guidance – Politika sy torolalana momna ny zon'olombelona
Sustainable development policy – Politikan'ny fampandrosoana maharitra

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Toeram-piasana (tohiny)

Fahavoazana ateraky ny fanafody na alikôla

Tsy azontsika atao ny mitazona na mihinana fanafody voararan'ny lalàna, na ny reraka tsy mahavita na inona na inona noho ny fandraisana alikôla na zava-mahadomelina rehefa eo am-piasana na ao anatin'ny faritr'i Rio Tinto.

Zava-dehibe ho an'ny fiarovana ny mpiasantsika amin'ny loza, ny fiadana-miaina ary fahavitrihan'izy ireo amin'ny famokarana ny fandraisantsika ny fanapahankevitra faran'izay tsara. Ilaintsika koa ny mailo mba hijanona ho afaka mifaninana ao anatin'ny tontolon'ny fandraharahana ankehitrio. Noho izany dia ilaina ho mazava tsara ary tsy simban'ny zava-mahadomelina na alikôla ny fahaizantsika mandanjalanja amin'ny fotoana rehetra.

Tohan-kevitra

Health standard - Fitness for work – Fenitra amin'ny fahasalamana - Fetezana hahavita asa

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fiarovana sy fananana lazon'ady sy hery enti-mihoitra eo amin'ny asa

Manome teny isika fa hiaro ny mpiasantsika, ny fananantsika ary ny lazantsika, hampisy antoka ny fananan'ny fandraharahantsika lazon'ady sy hery enti-mihoitra raha mandalo fotoan-tsarotra, miatrika antambo eny amin'ny toby fitrandrahana na tranga rehetra izay mety miantraika amin'ny fitohizan'ny fandraharahana.

Ny fahatsaran'ny fiarovana sy ny lazon'ady ary hery enti-mihoitra anatin'ny fotoan-tsarotra dia hahafahan'i Rio Tinto mbola miasa ara-dalàna tsara sy manome antoka antsika fa mbola vitantsika ny hampaharitra ny fahafahantsika mamorona sanda.

Tohan-kevitra

Global Security standards and guidance notes – Fenitra sy torolalana mikasika ny fiarovana ankapobeny

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Zon'olombelona, Mpiray monina sy Tontolo iainana

Zon'olombelona

Isika dia manohana sy manaja ny zon'olombelona araka izay voarakitra ao amin'ny "Fanambarana iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona", ary miezaka mafy hiantohana ny tsy hahatonga antsika ho mpiray tsikombakomba amin'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona ataon'ny hafa.

Manana fomba fiasa mazava isika amin'ny fitantanana ny lafiny zon'olombelona eo amin'ny fandraharahana ataontsika. N'aiza n'aiza toerana misy antsika dia ezahantsika hatrany ny mampiroborobo fifandraisana tsara sy madio sy ny misoroka ny fifanandrinana sivily. Rio Tinto dia manaja sy manohana ny fahamendrehana, fiadanam-piainana sy ny zon'ny mpiasa ao amin'ny Vondrona sy ny fianakavian'izy ireo ary ny mpiray monina ao amin'ny toerana iasantsika.

Raha sendra misy loza mananontanona ireo zo ireo dia ezahantsika ny mampanaja ny fenitra iraisam-pirenena sy misoroka ny fisian'ny toe-javatra izay mety ho adika ho fanekentsika ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona.

Tohan-kevitra

Human rights policy and guidance – Politika sy torolalana mikasika ny zon'olombelona

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Mpiray monina sy mponina zanatany

Ezahantsika ny hanana fifandraisana maharitra miaraka amin'ny mpifanolobodirindrina amintsika, fifandraisana izay manaporofo fifanajana, fiombonan'antoka mavitrika ary fanomezan-teny ho amin'ny fotoana maharitra.

Ny asan'ny Sampan-draharahan'ny fifandraisana amin'ny mpiray monina dia tafiditra ao anaty soritr'asan'ny tetikasa sy ny fitrandrahana n'aiza n'aiza toerana iasantsika. Ezahantsika araka izay tratra ny hifandrindra amin'ny kolontsaina samihafa, ny fomba fiaina, ny fitiavana manokana, ny vakoka sy ny fomba fijerin'ireo mpifanolobodirindrina aminay.

Manaja ny maha-izy azy manokana ny mponina zanatany isika, manaiky ny tombontsoa manandanja eo imason'izy ireo amin'ny tany, ny rano, ny tontolo iainana ary koa amin'ny tantarany, kolontsainy sy fomban-drazany.

Mampiroborobo ny fiaraha-mirotsaka amin'ny andraikitra eo anivon'ny iraisam-pirenena, firenena, faritra sy eo an-toerana isika. Miasa mafy isika hiantohana ny fakana ny hevitry ny mpiray monina, amin'ny endrika sy ny teny ahazoany azy, alohan'ny hanokafantsika fitrandrahana vaovao, mandritra ny fitrandrahantsika ary rehefa hanakatona azy ireny amin'ny faran'ny fiainam-pamokaran'ny toby fitrandrahana. Tiantsika handray anjara mavitrika amin'ny raharaha ara-toekarena ateraky ny fitrandrahantsika ny mpiray monina eo an-toerana ary tohanantsika ny tetikasa eo anivon'ny faritra sy eo anivon'ny mpiray monina izay mitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana maharitra nefa tsy miteraka fiankinan-doha.

Tohan-kevitra

Communities policy and standards – Politika sy fenitra mikasika ny mpiray monina
Sustainable development policy – Politika sy fenitra mikasika ny mpiray monina

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Zon'olombelona, Mpiray monina sy Tontolo iainana (tohiny)

Fizakan-jo amin'ny tany

Miezaka isika hahazo fanohanana faran'izay mivelatra amin'ny tolo-kevitsika mandritra ny dingam-piainana rehetra eo amin'ny asantsika.

Isika dia mitady fizakan-jo amin'ny tany sy fahafaha-mampiasa azy, manarina ny fiantraikany tsy azo hihodivirana ary miasa miaraka amin'ny mpiray monina sy ny mponina zanatany, manampy azy ireo amin'ny fomba izay mandaitra indrindra amin'ny filàny. Amin'ny toe-javatra rehetra dia ilaina ny fitohizan'ny fakan-kevitra ny mponina eo an-toerana sy zanatany, ny manampahefana ary ny hafa izay voakasika.

Ekentsika fa ny valinteny azontsika dia mety hitarika ny tsy fahafahantsika manao fikarohana na fitrandrahana indraindray, na dia ara-dalàna aza ny fahazoantsika manao izany.

Ataontsika ny fanombanana feno mialoha ny vokatry ny asantsika, indrindra indrindra any amin'ireo faritra arovana eo amin'ny lafiny haren-javaboaary na manan-danja amin'ny lafiny vakoka. Ezahantsika ny miara-miasa amin'ny hafa amin'ny fanarahamaso sy fanamaivanana ny fiantraikan'ny asantsika. Rehefa mifarana ny asam-pitrandrahana, dia averintsika amin'ny laoniny ny tany izay niharan'ny fanakorontanana noho ny fitrandrahantsika, araka ny fomban'ny mpiray monina sy zanatany mipetraka ao ary koa araka ny didy aman-dalàna manankery eo an-toerana.

Mety hifototra amin'ny fananan-tany ara-pomba nentim-paharazana na araka ny lalàna ny fangatahana tany. Ny lalàna eo an-toerana na eo anivon'ny firenena mikasika ny politikan'ny fampiasan-tany dia mety tsy hitovy koa.

Ny tanjontsika dia ny hameno ny elanelana eo amin'ny fifanarahana mirindra araka ny lalàna sy ny fomba nentim-paharazana amin'ny fahafantarana tsara ny olana aterak'izany. Raha voakasika mivantana ny fananan'ny orinasa dia hatao ny fanombanana ny vokatr'izany ary hisy fanomezana onitra sahaza izay hifanarahan'ny andaniny sy ankilany.

Tohan-kevitra

Closure standard – Fenitra amin'ny fnakatonana
Communities policy and standards – Politika sy fenitra mikasika ny mpiray monina
Sustainable development policy – Politikan'ny fampandrosoana maharitra
Environmental policy and standards – Politika sy fenitra mikasika ny tontolo iainana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Tontolo iainana

Zava-dehibe iankinan'ny fahombiazan'ny fandraharahantsika ny fitandroana ny fahatsaran'ny fitantanana ny tontolo iainana sy fitantanana ny vokatra.

Manaraka ny fenitra rehetra ankatoavina iraisam-pirenena sy fanomezan-teny eo amin'ny lafiny tontolo iainana isika ka anisan'izany ny fanamarinana mikasika ny Rafitra Fitantanana ny Tontolo Iainana ISO 14001.

Manana fenitra, paik'ady, tarigetra sy rafitra iraisana eo anivon'ny Vondrona isika hitantanana ny loza mety hitranga mihatra amin'ny tontolo iainana. Fantarintsika ny hirika fanararaotra hanatsarana ny fitantanana ny tontolo iainana amin'ny dingana rehetra eo amin'ny fikarohana, fampivelarana ny rafi-pitrandrahana, fitrandrahana ary fanakatonana, ary koa amin'ny fanaovana tombana ny fividianana orinasa na fivarotam-pananana. Araka izay azo atao dia sorohintsika na raha tsy izany hamaivanintsika sy tsabointsika ny fikorontanan'ny tontolo iainana.

Ireto manaraka ireto no paik'ady ampiharintsika hitondrana ny fahatsaran'ny fitantanana tontolo iainana amin'ny lafiny manan-danja toy ny:

- **Fikarakarana sy fiarovana ny haren-java-boaary:** Ezahantsika ny miaro ny firaisan-tontolo iainana izay iankinantsika amin'ny fanakelezana ny fiantraikan'ny asam-pitrandrahana ataontsika amin'ny haren-javaboaary. Nanome teny isika hampisy fiantraikany soa amin'ny haren-javaboaary. Mba hahatontosa izany dia namolavola paik'ady mikasika ny haren-javaboaary isika miaraka amin'ny fanampian'ireo mpiombon'antoka ivelany;
- **Fampiasana maharitra ny rano:** Tena zava-dehibe iankinan'ny raharaham-pitrandrahan'i Rio Tinto ny fahafahana mahazo rano tsy vidiana lafo. Ny fahazoana rano maharitra amin'ny hoavy dia iankinan'ny fahitantsika fahombiazana sy ny lazantsika eo amin'ny fitantanana ny rano amin'ny fomba tompon'andraikitra sy mitsinjo ny faharetany.
- **Fiovan'ny toetr'andro:** Ny famoahana etona vokatry ny fihibohana (GHG na Gaz à effet de serre) avy amin'ny asa ataon'ny olombelona dia mandray anjara amin'ny fiovan'ny toetr'andro. Tanjona iraisam-pirenena goavana ny fampihenana ny fiovana amin'ny toetr'andro ateraky ny olombelona. Fomba fiasa mitsinjo lavitra sy mifototra amin'ny zava-misy ary mangarahara ny antsika ka anisan'izany ny fametrahana tanjona anatiny ho tratrarina amin'ny fampihenana ny famoahana GHG amin'ny asam-pitrandrahantsika. Miara-miasa amin'ny mpanjifa koa isika hampihenana ny famoahana entona mifandray amin'ny zavatra vokarintsika.
- **Fahatsaram-pitantanana ny vokatra:** Ny fanomezan-tenintsika momba ny fahatsaram-pitantanana ny vokatra dia ao anatin'ny fandraisantsika anjara amin'ny fampandrosoana maharitra. Nampitombointsika ny fahalalana ny ambaratonga feno amin'ny fiainan'ny vokatsika sy ny fampiasana azy tsy misy ahiahy. Ekentsika ny fananantsika andraikitra amin'ny zavatra vokarintsika, manomboka amin'ny fitrandrahana ny harena ka hatramin'ny fanodinana indray na fanariana ny vokatra. Ao anatin'io fanomezan-teny io ny fahafantarantsika ny fampiasana ny vokatsika sy famokarana antontam-baovao sahaza mikasika ny fahasalamana sy tontolo iainana mba hisian'ny fampiasana azy ireny tsy misy ahiana ao amin'ny toeram-piasana sy ho an'ny mpanjifa.

Zon'olombelona, Mpiray monina sy Tontolo iainana (tohiny)

- **Soritr'asa mifandrohy amin'ny fanakatonana:** Raisin'i Rio Tinto ho andraikitra marolafy ny fanakatonana tobim-pitrandrahana. Ny *"Fenitra arahantsika amin'ny Fanakatonana"* dia ampiharina manerana ny Vondrona amin'ny dingana rehetra amin'ny ambaratongan'ny fanakatonana tobim-pitrandrahana. Novolavolaina ny soritr'asan'ny fanakatonana mba hisian'ny vokatra tsara maharitra amin'ny lafiny sosialy, tontolo iainana sy ara-toekarena aorian'ny fifaranan'ny asam-pitrandrahan'ny toby.

Tohan-kevitra

Environment policy – Politikan'ny tontolo iainana
Sustainable development policy – Politikan'ny fampandrosoana maharitra
HSEQ management system standard – Fenitra amin'ny rafi-pitantanana SPEQ
All corporate environmental standards and strategies – Fenitra sy paik'ady rehetran'ny orinasa momba ny tontolo iainana
Climate position statement – Fihevitra mikasika ny toetr'andro
Closure standard – Fenitra amin'ny fanakatonana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fahamarinana eo amin'ny fandraharahana

Fifanoheran-tombontsoa

Tsy maintsy ataontsika izay tsy hifanoheran'ny asa ataontsika any ivelany sy ny tombontsoantsika manokana amin'ny andraikitra eo anivon'i Rio Tinto. Zava-dehibe ny fisorohana na dia ny sarintsarin'ny fifanoherana fotsiny aza.

Mety mitranga ny fifanoherana raha toa ianao manana tombontsoa manokana ao anatin'ny fanapahankevitra izay tokony ho raisina tsy misy fitongilanana ary ho amin'ny tombontsoa lehiben'i Rio Tinto. Raha heverinao fa mety ho tafiditra amin'ny toe-javatra misy fifanoheran-tombontsoa ianao dia tokony aborakao avy hatrany amin'ny lehibenao mivantana ny antsipiriany rehetra ilaina.

Anisan'ny endrika mety hampiditra fifanoheran-tombontsoa ireto manaraka ireto:

- fikaramana sy asa ivelan'ny toeram-piasana;
- fifandraisana arak'asa ivelany miaraka amin'ny, na fananana tombontsoa amin'ny mpamatsy, mpanjifa na mpifaninana iray;
- fifandraisana arak'asa amin'ny olona iray havana na namana manokana na amin'ny orinasa fehezin'ny olona toa izany;
- toerana misy anao ao amin'ny orinasa izay hanananao fahefana na fifehezana ny fanaovana tombana ny asa na fanonerana ho an'ny olona izay havanao na sakaizanao;
- fampiasana manokana na fizarana ny vaovao tsiambaratelon'i Tio Tinto mba ahazoana tombontsoa manokana toy ny fividianana na fivarotana fananana, na fanoroana hevitra ny hafa hividy na hivarotra ny fananana, vokatra na akora tsy voahodina an'i Rio Tinto, miainga amin'io vaovao io; ary
- fanekena tombontsoa manokana toy ny zavatra misy lanjany lehibe kokoa noho ny fanomezana na famalifaliana, avy amin'olona na fikambanana manao fandraharahana na manantena hanao fandraharahana miaraka amin'i Rio Tinto na inona na inona karazan'ilay fandraharahana.

Fisainana tsotra sy fahaiza-mandanjalanja no tokony atao mba hisorohana ny mety ho fiheverana fisian'ny fifanoheran-tombontsoa.

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra mikasika ny fahamarinana eo amin'ny fandraharahana
Rio Tinto procurement principles – Fenitr'i Rio Tinto mikasika ny famatsian-draharaha sy entana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fahamarinana eo amin'ny fandraharahana (tohiny)

Fifaninanana / olana amin'ny fiadiana amin'ny ampihimamba

Rio Tinto dia nanome teny hanaja ny fifaninanana madio sy marina.

Politikantsika ny mifaninana amin'ny fomba mavitrika sy mahomby nefa ao anaty fanajana mandrakariva ny lalàna manankery amin'ny fifaninana sy fiadiana amin'ny ampihimamba ary ny didy aman-dalàna any amin'ny firenena rehetra iasantsika.

Mifanaraka amin'ny fitakian'ny *"Fenitr'i Rio Tinto momba ny Fiadiana amin'ny Ampihimamba"*, dia:

- ferana ho faran'izay kely ny fifandraisantsika amin'ireo mpifaninana amintsika;
- tsy mamboraka, mitady na manakalo vaovao saro-pady ara-barotra, toy ny vidin-javatra, fifampiraharahana fifanarahana, fahafaha-mamokatra, saram-pamokarana, ny paik'ady momba ny varotra, ny fikasana hanao tolo-bidy, ny mpanjifa sy ny anjara eo amin'ny tsena;
- tsy miresaka vaovao saro-pady ara-barotra momba fiaraha-manana orinasa amin'ny mpifaninana na mety ho mpifaninana raha tsy ohatra ka misy fifandraisany amin'ny fiaraha-manana orinasa manokana iray;
- tsy miresaka vaovao saro-pady ara-barotra rehefa mandray anjara tamin'ny varotra na fikambanana indostrialy;
- tsy manao fampitahana amin'ny samy mpifaninana na mety ho mpifaninana, raha tsy misy fankatoavana mialoha avy amin'ny mpahay lalànan'ny Vondrona; ary
- raha mivarotra vokatra na mividy entana avy amin'ny orinasa mifaninana, dia tsy mifanakalo vaovao hafa ankoatr'izay ilaina ara-drariny mba hamitana ny fifampiraharahana.

Raha misalasala amin'izay fepetra tokony ho raisinao ianao dia miresaha amin'ny mpahay lalànan'ny Vondrona.

Tohan-kevitra

Antitrust standard – Fenitra mikasika ny ady amin'ny ampihimamba

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Tsolotra sy kolikoly

Rio Tinto dia mandrara ny tsolotra sy kolikoly, n'inon'inona endrika isehoany, na mivantana izany na tsia.

Isika dia tsy manome, mampanantena, mitaky na mandray tombondahiny tsy sahaza, na mivantana na tsia, avy amin'ireto:

- mpiasam-panjakana;
- mpanao politika mpilatsaka ho fidiana, antoko na mpitantana antoko;
- mpitarika eo amin'ny mpiray monina na olona hafa manam-pahefana hisolo vava ny vahoaka;
- olona miasa amin'ny sehatra tsy miankina (anisan'izany ny olona izay mitantana na miasa amin'ny orinasa ao amin'ny sehatra tsy miankina na inona na inona asany)

mba hahazoana, hitazonana na hifehezana fandraharahana na hahazoana tombondahiny tsy ara-drariny eo amin'ny fitantanan-draharaha.

Tokony ho mailo koa isika amin'ny mety hampiasaina ny fepetran'ny fifanarahana ara-barotra sy ny fandraisana anjara amin'ny asa fanasoavana hanafenana ny kolikoly. Ny fepetra rehetra amin'ny fifanarahana ara-barotra sy ny fandraisana anjara amin'ny fikambanana mpanao asa soa dia tsy azo atao raha tsy mifanaraka amin'ny fenitr'i Rio Tinto momba ny *"Fahamarinana eo amin'ny fandraharahana"* sy ny *"Fenitra amin'ny Fandraisana anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny kolikoly"*.

Azo atao any amin'ny firenena sasany ny antsoina hoe fandoavam-bola fanamoran-draharaha eken'ny lalàna eo an-toerana ny fihatahany amin'ny fitsipika; na izany aza i Rio Tinto dia mandrara ny fandoavam-bola hanamoran-draharaha.

Raha misalasala ianao mikasika ny maha-ara-drariny ny fandoavam-bola iray nangatahana ho efainao ka anisan'izany ny fandoavam-bola fanamoran-draharaha dia makà hevitra amin'ny mpahay lalànan'ny Vondrona.

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fandraharahana
Antibribery due diligence standards – Fenitra amin'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny kolikoly

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fanomezana sy famalifaliana

Ny fanomezana sy famalifaliana omena sy raisina toy ny toy ny valisoa na famporisihina noho ny fitiavana manokana dia tsy azo ekena.

Amin'ny fotoana sasany dia azo ekena tsara ny fandraisana fanomezana.na famalifaliana tsotsotra. Ny fiaraha-misakafo arak'asa ohatra dia mety ho fomba iray hifanakalozam-baovao amin'ny fomba maivamaivana sy miala voly. Na izany aza anefa ary miankina amin'ny haben'ny tombam-bidiny, ny fiverimberenany matetika sy ny toe-javatra isehoan'ny fanomezana azy dia mety ho heverina ho kolikoly, fandoavam-bola politika na fandresena lahatra tsy tokony atao izy ireny.

Ny fanamarinana fototra tokony ataontsika dia ny fisian'ny finiavana fonosiny sy ny mety handikana tsotra izao azy ho valisoa na famporisihana hitadiavana tombom-pitia na tombony eo amin'ny fikarakarana manokana Raha toa ka eny no valiny, dia tena voarara mihitsy araka ny politikan'i Rio Tinto. Ny fifanakalozana fanomezana na famalifaliana ka ao anatin'izany ny fandoavana ny fandaniana amin'ny fandehanana lavitra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny *Fenitr'i Rio Tinto momba ny Fahamarinana eo amin'ny Fandraharahana.*

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fandraharahana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fahamarinana eo amin'ny fandraharahana (tohiny)

Fanaovana fandraharahana am-pahamarinana

Politikantsika ny manatanteraka ny asantsika amin'ny fomba madio sy am-pahamarinana.

Tsy maintsy mazava, fohy ary marina ny fandraharahana ifanaovantsika amin'ny mpanjifa. Raha toa ka avelan'ny lalàna ny fanaovana fampitahana dia tokony ataontsika am-pahamarinana ny fampitahana ny zavatra vokarintsika, ny fandraharahantsika na ny mpiasantsika amin'ny an'ireo mpifaninana amintsika. Tsy maintsy iantohantsika koa fa mifanaraka amin'ny fenitra rehetra momba ny fahasalamana sy ny fiarovana amin'ny loza ny zavatra vokarintsika.

Eo amin'ny lafiny famatsian-draharaha sy entana i Rio Tinto dia manantena handray anjara amin'ny tsena anjakan'ny fifaninanana madio sy mavitrika. Manao tombana sy fifantenana am-pahamarinana isika an'ireo mety ho mpamatsy rehetra.

Ny angatahantsika amin'ireo mpamatsy dia ny fitazonana ireo politikany manokana izay manohana ny fifaninanana madio sy marina; ny fanajana ny lalàna sy fenitra ary fitsipika manankery, ny tsy fandraisana na fanomezana kolikoly, miaraka amin'ny rindran-damina miantoka ny fanarahan-dalàna.

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fandraharahana
Rio Tinto procurement principles – Fenitr'i Rio Tinto mikasika ny famatsian-draharaha sy entana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fandraharahana iraisam-pirenena

Miasa manerana izao tontolo izao isika, ary araka izany dia voafehin'ny lalàna eo anivon'ny firenena sy eo an-toerana, ny fitsipika sy ny loza ahiana izay tsy mitovy isaky ny firenena. Araka izany isika dia tsy maintsy:

- miantoka fa ny fandoavam-bola amin'ny mpandraharaha na mpaninjara dia tambin'ny asa aman-draharaha nataony, ary mifanentana amin'ny karazan'asa nataony;
- manamarina fa ny hetra sy haba naloa tamina mpiasam-panjakana dia ara-dalàna fa tsy kolikoly;
- tsy manitatra ny fandraharahana any amin'ny tany na firenena mbola tsy niasan'i Rio Tinto teo aloha raha tsy efa nanao fanombanana ny loza ahiana sy niresaka tamin'ny lehibe mpitantana sy ny mpahay lalànan'ny Vondrona;
- mahatsapa tsara sy mailo amin'ny fifampiraharahana amin'ny firenena izay misy fifanolanana na iharan'ny sazy iraisam-pirenena;
- mampihatra ny lalàna rehetra momba ny fanondranana entana any ivelany mifehy ny fandefasana ny vokatr'i Rio Tinto sy ny asany, ary koa ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny varotra; ary
- manontany ny toromarika manokana avy amin'ny mpahay lalànan'ny Vondrona amin'ny fitantanan-draharahan'i Rio Tinto misabaka amin'ny firenena roa (anisan'izany ny maha-mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanan'ny orinasa miorina any amin'ny firenena any ivelany).

Tohan-kevitra

Risk policy and standard – Politika sy fenitra mikasika ny loza ahiana
Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fandraharahana
Antibribery due diligence standards – Fenitra amin'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny ady amin'ny kolikoly

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fanararaotana ny fahalalana vaovao avy amin'ny loharano anatiny hanaovana fandraharahana

Tsy azo atao, raha mahalala vaovao anatiny momba ny fandraharahana, ny manao fifampiraharahana momba ny taratasin'antoka (toy ny anjara petrabola, taratasy fanova vola, ets.), na mamboraka izany amin'ny namana na olona hafa na iza na iza. Tsy maintsy amim-pitandremana fatratra koa no hanaovantsika izany rehefa mikirakira vaovao toa izany isika.

Manana fitsipika i Rio Tinto mifehy ny tale mpitantana sy ny mpiasa afaka mahita ny "vaovao avy amin'ny loharano anatiny" eo amin'ny fandraharahana ataony mikasika ny taratasin'antoka an'i Rio Tinto. Ireo fitsipika ireo dia mitaky amin'ireo olona ireo ny fangatahany fahazoan-dalana avy amin'ny mpitantsoratry ny orinasa alohan'ny hanaovany fandraharahana mba hiantohana fa tsy manana vaovao avy amin'ny loharano anatiny izy ireo. Ny fanomezan-dalana dia tsy azo omena mandritra ny "fotoana fikatonana" ankatoky ny fanambarana ny vokatry ny taom-piasana na antenantenan-taona. Ny fandraharahana rehetra amin'ny anaran'ny tale mpitantana na mpiasa mahalala vaovao anatiny ataon'ny fianakaviany na olona hafa "misy rohy" aminy dia voafehin'ireo fitsipika ireo koa.

Raha afaka mahita vaovao anatiny ianao dia tsy mahazo mandraharaha taratasin'antoka na mamboraka vaovao toy izany amin'ny hafa na amin'ny fianakavianao aza. Tsy maintsy mandray ny fepetra rehetra azo heverina ilaina ianao mba hiantohana ny fijanonan'ny vaovao ho tsiambarantelo.

Ny antsoina hoe "vaovao avy amin'ny loharano anatiny" dia vaovao izay tsy dia tonga am-pelantanan'ny besinimaro mandrakariva ary, raha azony dia mety:

- hisy fiantraikany lehibe amin'ny vidin'ny taratasin'antok'i Rio Tinto na ireo an'ny orinasa hafa; na
- hampiova hevitra ny olona amin'ny hividianana na hivarotana ireo taratasin'antoka ireo.

Anisan'ny atao hoe vaovao avy amin'ny loharano anatiny ireto; vaovao mikasika ny vokatry ny fitantanam-bola, fividianana orinasa manan-danja, fiaraha-manana orinasa tetikasa fampiasam-bola lehibe; fifanekena lehibe, fanaovana tolo-bidy; tarehimarika momba ny vokatra; ary filazalazana momba ny varotra.

Tohan-kevitra

Corporate governance policy and standard – Politika sy fenitra mikasika ny fahatsaram-pitantanana ny orinasa
Rules for dealing in Rio Tinto securities – Fepetra fivarotana amin'ny taratasin'antoka Rio Tinto

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fananan'ny Vondrona sy fitantanana ny vaovao

Fanamarinana anatiny sy tahirin-taratasin'ny Vondrona

Ny antontan-taratasy rehetra an'ny Vondrona dia tokony hampiseho marina sy ara-dalàna ny toetoetry ny fandraharahan'ny orinasantsika.

Tokony hamarinintsika fa ny taratasy rehetra momba ny fandraharahana ara-bolan'ny orinasa dia tehirizina ara-dalàna mifanaraka amin'ny fomba fiasan'ny fitantanam-bolan'i Rio Tinto. Ny fitehirizana antontan-taratasy marina sy mazava dia mahakasika koa ny antontan-taratasin'ny Vondrona rehetra izay tsy mikasika vola, manomboka amin'ny fitsirihina mandalo amin'ny fitrandrahana ka hatramin'ny fanakatonana ny toby.

Tsy tokony iniantsika disoina ny antontan-taratasin'ny Vondrona na amin'ny fomba ahoana na ahoana, ary tsy azo atao ny mamorona na mandray anjara amin'ny famoronana antontan-taratasy misy finiavana hanafin-javatra heverina ho tsy metimety.

Mitazona rafitra fanamarinana anatiny azo antoka isika izay ahitana fanadihadiana ny loza ahiana sy fanaovana jery kiana ny fanamarinana ny fitantanam-bola, ny asam-pitrandrahana sy ny fanarahan-dalàna. Isan-taona ny lehibe mpitantana ny Vondrona dia mameno taratasy mirakitra fanontaniana amin'ny antsipiriany manamafy fa mahomby tsara ny fiasan'ny fanamarinana anatiny. Manaraka ny politikan'ny fitantanam-bola sy fanaovana tatitra ara-dalàna isika, mampihatra izany lalandava ary mampiasa fandanjalanjana am-pisainana sy fahamalinana.

Tohan-kevitra

Information management standard – Fenitra amin'ny fitantanam-baovao
Rio Tinto retention schedule – Fandaharam-potoanan'i Rio Tinto amin'ny fitazonana tahirin-taratasy
Information security standards – Fenitra amin'ny fiarovana ny vaovao
Corporate governance policy and standards – Politika sy fenitra mikasika ny fahatsaram-pitantanana ny orinasa
HSEQ management system standard – Fenitra amin'ny rafi-pitantanana SPEQ
Compliance standard – Fenitra amin'ny fanarahan-dalàna
Controllers manual – Bokikelin'ny mpanamarina fitantanam-bola

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fampiasan'ny mpiasa ny fananan'i Rio Tinto

Ny fananana sy volan'ny Vondrona Rio Tinto dia natao ho ampiasain'ny Vondrona ihany.

Noho izany isika dia tsy tokony:

- haka, hampiasa na hanodina ny fananan'i Rio Tinto na ny volany amin'ny filantsika manokana na fitadiavana tombontsoa;
- hanova na hanimba ny fananan'i Rio Tinto raha tsy nahazo alalana ara-dalàna; na
- hamindra toerana ny fananan'i Rio Tinto na hampiasa ny sampan-draharahan'i Rio Tinto raha tsy misy fanazoan-dalana mialoha avy amin'ny mpitantana.

Ny raharaha sasany dia mety hiteraka vokatsoa ho an'i Rio Tinto na ho an'ny mpiasa isam-batanolona ka mety hanahirana ny hanavahana izany. Koa zava-dehibe ny fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny mpitantana mikasika ny fampiasana ny fananana na sampan-draharaha izay tsy ho an'ny tombontsoan'i Rio Tinto fotsiny.

Tohan-kevitra

Controllers manual – Bokikelin'ny mpanamarina fitantanam-bola
See also *Conflicts of interest* section on page 18 – Jereo koa ny fizaran-dohateny ao amin'ny pejy 18 mikasika ny fifanoheran-tombontsoa

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fampiasan'ny mpiasa ny fananana elektronika

Ny fananana elektronika izay omen'i Rio Tinto dia tokony ampiasaina, amin'ny toe-tsaina tompon'andraikitra, araka ny tokony ho izy sy am-pahamendrehana.

Anisan'ny fananana elektronika ny mailaka, "instant messenger", telefôna, "fax" sy "voice mail", "internet" sy fijerena ny tambajotran'ny oeby, ny antontam-baovao, ny mpampita sy mpandray feo hifandraisan'ny olona roa, ary ny fitaovam-panarahamaso mampiasa fahitalavitra natao hijerena izay zavatra miseho ao anatin'ny orinasa.

Tsy tokony hiditra amin'ny fampiasana tsy ara-dalàna ny fananana elektronikan'i Rio Tinto amin-java-kafa ankoatran'ny asa isika. Ohatra amin'izany ireto:

- izay fampiasana rehetra mifandray amin'ny tahiry manafintohina, mampiseho mazava ny fiarahan'ny lahy sy ny vavy, manoso-potaka, manavakavaka, manompa, manao ara-dava na mifono herisetra;
- finiavana hahatonga ny tahiry (ao anatin'izany ny rindrankajy ("logiciel") ho ampiasaina, adika na ho zaraina ka mandika ny fiarovana tsiambaratelo na ny andraikitra manoloana ny fiarovana ny zon'ny mpamorona;
- filokana amin'ny "Internet";
- fanaovana na fanampiana amin'ny fihetsika tsy ara-dalàna;
- fanaovana asa hikatsahana tombontsoa manokana;
- fanaovana asa tsy hitadiavan-tombontsoa nefa tsy nahazoan-dalana;
- famafana na fanandramana hamotika antontan-taratasy elektronika voatehiry izay azo heverina fa mety ilaina ho porofo amin'ny raharaham-pitsarana na famotopotorana ara-dalàna; ary
- fikasana hampiditra areti-mamindra ("virus") amin'ny ordinatera.

Ny fampiasan'ny tena manokana ny fananana elektronika an'i Rio Tinto tsy mifandray amin'ny asa indraindray fotsiny dia azo atao raha voalanjalanja amin'ny antonony sy tsy manelingelina ny asa. Ny fanararaotana be loatra io tombontsoa io dia heverina ho fitondrantena tsy mendrika.

Rio Tinto dia mitazona ny zo hanaramaso na hampikatso ny fampiasana ny "Internet", ny mailaka sy fananana elektronika hafa, amin'ny fotoana rehetra araka izay eken'ny lalàna eo an-toerana. Manana zo i Rio Tinto hitazona ny zavatra rehetra izay tafiditra anisan'ny tahirin-taratasin'ny fandraharahana (toy ny tahirin-kevitra elektronika sy ny mailaka) mandritra ny fe-potoana lava araka izay ilaina, na dia aorian'ny fialan'ny mpiasa namorona ilay tahirin-kevitra mikasika ny fandraharahana aza.

Tsy maintsy tehirizina tsara amin'ny fotoana rehetra ny teny miafina fidirana ary tsy lazalazaina amin'ny mpiara-miasa hafa.

Tohan-kevitra

Standard for the acceptable use of electronic resources – Fenitra amin'ny fampiasana azo ekena ny fananana elektronika

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fananan'ny Vondrona sy fitantanana ny vaovao (tohiny)

Vaovao tsiambaratelo

Tsy maintsy arovantsika lalandava ny vaovao tsiambaratelon'i Rio Tinto sy ny vaovao tsiambaratelo nomen'ny hafa antsika (ohatra ny mpanjifa sy mpamatsy).

Tafiditra anatin'ny "Vaovao tsiambaratelo" ohatra ny vaovao teknika mikasika ny vokatra sy ny fomba fikirakirana; lisitry ny mpivarotra na vidin-javatra; vidin-javatra, fameram-bidy, paik'ady amin'ny varotra na fandraharahana; tatitry ny fitantanam-bola tsy natokana avoaka ho an'ny besinimaro; vaovao mikasika ny fivarotam-pananana, fampitambarana orinasa na fividianana orinasa.

Mba hiarovantsika izany vaovao tsiambaratelo izany isika dia tokony:

- mitandrina amin'ny toerana sy fotoana hiresahana momba an'i Rio Tinto;
- mitandrina amin'ny fomba sy toerana hampirimantsika azy;
- tsy mamboraka na mampiasa na inona na inona amin'ny vaovao hoan'ny tombontsoa na tombondahin'ny tena manokana; ary
- manao fifanarahana mikasika tsiambaratelo amin'ny olona ivelan'ny Vondrona alohan'ny hiresahana momba ny vaovao tsiambaratelo.

Rehefa atonina isika amin'ny fanolorana na fangatahana vaovao tsiambaratelo dia zava-dehibe ny fahazoan'ny andaniny sy ankilany sy ny fanekeny ny fepetra mifehy ny fandraisana ny vaovao.

Tohan-kevitra

Information management standard – Fenitra amin'ny fitantanam-baovao
Rio Tinto procurement principles – Fenitr'i Rio Tinto amin'ny famatsian-draharaha sy entana

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fananana ara-tsaina

Rio Tinto dia miaro ny fananany ara-tsaina ary manaja ny fananana ara-tsainan'ny hafa.

Tafiditra amin'ny atao hoe fananana ara-tsaina ny: birentim-pamoronana, zon'ny mpamorona, ny famantarana sy ny tsiambaratelon'ny varotra. Ireo tompon'ny fananana ara-tsaina dia omen'ny lalàna zo manokana. Ny famantarana antsika sy ny endrika hafa amin'ny fananantsika ara-tsaina dia anisan'ny harena lafo vidy indrindra ho an'ny Vondrona. Mba hiarovantsika azy ireo dia tokony:

- ataontsika izay ahafantarana tsara ny momba ireo politika sy fomba fanao mifandray amin'ny fananana ara-tsaina, sy ny fampiasana ny famantarana;
- ho fantarintsika ny mety ho fandikana ny zo amin'ny fananana ara-tsainantsika (ohatra fampiasana tsy nahazoan-dalana) ataon'ny mpiasa, mpanjifa, mpamatsy sy mpifaninana;
- tsy avelantsika ny mpanjifantsika, mpamatsy na mpiara-miasa hampiasa ny anarana na ny famantarana an'i Rio Tinto raha tsy nahazo fahazoan-dalana ara-dalàna; ary
- hamarinintsika rehefa miresaka zavatra tsiambaratelo amin'ireo olona avy any ivelany fa nanisy sonia fifanarahana fiarovana tsiambaratelo araka izay ilaina izy ireo hiarovana ny fananantsika ara-tsaina.

Tsy maintsy manaja ny fananana ara-tsainan'ny hafa koa isika, toy ny mpamatsy na mpanjifantsika. Tena mavesa-danja mihitsy ny fitadidiana an'io fepetra io alohan'ny handikantsika na hizarantsika taratasy na tahirin-kevitra elektronika.

Tohan-kevitra

Controllers manual – Bokikelin'ny mpanamarina fitantanam-bola

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Tsiambatelon'ny antontam-baovao mombamomba ny tsirairay manokana

Heverin'i Rio Tinto ho tena zava-dehibe ny fikirakirana ara-dalàna sy amin'ny tokony ho izy ny antontam-baovao mombamomba ny tsirairay manokana.

Ny antsoina hoe "Antontam-baovao mombamomba ny tsirairay manokana" dia ny vaovao rehetra mifandray amin'ny olona iray azo fantarina. Tokony arovantsika ny antontam-baovao mombamomba ny tsirairay manokana nangonina noho ny antony fandraharahana mikasika ireo olona, na ankehitriny izany na taloha, mpanana petrabola, tale mpitantana, mpiasa, mpamatsy, mpanjifa sy ny fianakaviany avy na olona akaiky azy.

Ny antontam-baovao mombamomba ny tsirairay manokana dia tsy maintsy araha-maso mba hisorohana ny fampiasana tsy ara-dalàna sy tsy nahazoan-dalana, fahaverezana tsy nahy, fahapotehana na fahasimbana tsy nahy, ary izany dia mifanaraka amin'ny fitakian'ny lalàna manankery momba ny fiarovana ny tsiambaratelo mombamomba ny tsirairay manokana sy ny antontam-baovao.

Tohan-kevitra

Data privacy standard – Fenitra mikasika ny tsiambaratelon'ny vaovao
Information management standard – Fenitra amin'ny fitantanam-baovao
Information security standards – Fenitra amin'ny fiarovana ny vaovao mombamomba ny tsirairay manokana.

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Serasera amin'ny Fanjakana, ny fampitam-baovao ary ny mpampiasa vola

Serasera amin'ny fanjakana

Manaraka ny fenitra faran'izay ambony amin'ny fahamendrehana ny fihetsika amam-panaontsika amin'ny raharaha ifanaovantsika amin'ny fanjakana.

Anisan'ny raharaha ifanaovana amin'ny fanjakana ny fifandraisana rehetra atao ao anatin'ny fandraharahana miaraka aminy, ny sampan-draharahany, ny solontenany, eo anivon'ny firenena na amin'ny fari-pahefam-pitsarana eo an-toerana maneran-tany. Amin'ny raharaha ifanaovantsika amin'ny fanjakana, isika dia :

- mampiseho fahavononana hiara-hiasa amin'ny fanjakana amin'ny fangatahany marim-pototra sy ara-drariny vaovao na fiaraha-miasa amin'ny famotopotorana ara-dalàna, rehefa manaja ny zo fototra ananan'i Rio Tinto, ohatra amin'ny fisoloan-tena ataon'ny mpisolovavany;
- tsy maintsy maka ny fepetra rehetra ilaina amin'ny fiarovana ny tsiambaratelo rehefa manome vaovao ny manampahefana;
- tsy mahazo mitazona mpiasam-panjakana iray hiasa ao amintsika raha tsy misy fifanekena an-tsoratra milaza ny karazana asa hataony. Any amin'ny firenena sasany dia tsy azo atao ny manarama mpiasam-panjakana, na amin'ny asa inona na amin'ny asa inona; ary
- mametra ny fanomezana na famalifaliana ho an'ny solontenam-panjakana, amin'izay dia sady tsy handika ny lalàna na hanimba – na mety hanimba – ny olona tafiditra amin'izany na Rio Tinto na amin'ny lafiny inona na inona.

Miresaha amin'ny lehibenao na amin'ny mpahay lalànan'ny Vondrona raha manana fanontaniana momba ny fifandraisana amin'ny solontenam-panjakana ianao.

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fanaovan-draharaha
See also - *Gifts and entertainment* and *Political involvement* sections on pages 20 and 27. – Jereo koa - Fanomezana sy famalifaliana ary Firotsahana amin'ny politika, ao amin'ny fizaran-dohateny pejy 20 sy 27

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Firotsahana amin'ny politika

Rio Tinto dia tsy mandray anjara amin'ny antoko politika, na mivantana na tsia, ary tsy mandoa vola amin'ny antoko politika na olona mpanao politika.

Rio Tinto dia manolotra ny fomba fijeriny amin'ny fanjakana sy ny hafa amin'ny raharaha izay mety miantraika amin'ny tombontsoany amin'ny fandraharahana, sy ny an'ireo mpanana petrabola ao aminy, ny mpiasany, ary ireo hafa tafiditra ao anatin'ny raharahantsika. Mandray anjara isika amin'ny fampiroboroboana lalàna sy fitsipika mifanentana amin'ny tombontsoan'ny fandraharahantsika amin'ny alalàn'ny fanohizana sy fanatevenana ny fiaraha-midinika amin'ny mponina.

Tsy misy na inona na inona ao anatin'ny politikan'i Rio Tinto mikendry ny hanakana na hamefy ny olona tsy handray anjara amin'ny raharaha politika amin'ny maha-olom-pirenena azy.

Tohan-kevitra

Business integrity standard – Fenitra amin'ny fahamarinana eo amin'ny fanaovan-draharaha

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Serasera amin'ny fampitam-baovao sy ny mpampiasa vola

Isika dia miserasera matetika sy amin'ny fomba mazava amin'ny mpampita vaovao sy ny mpampiasa vola.

Andraikitr'ireo mpitondra tenin'i Rio Tinto ny miserasera amin'ny mpampita vaovao, mpampiasa vola sy ny mpamakafaka. Tsy maintsy hilazana ny Sampan-draharaha Fifandraisana amin'ny mpampita vaovao sy/na Sampan-draharaha Fifandraisana amin'ny mpampiasa vola raha misy fanatonana ataon'izy ireo.

Ny mpitondra tenin'i Rio Tinto dia tsy maintsy mampiseho fenitra avo amin'ny fahamarinana sy ny mangarahara nefa ao anatin'izany dia mitandrina ihany koa tsy hamboraka vaovao mikasika fananana manokana sy tsy natokana ho an'ny besinimaro.

Tsy azontsika atao ny manolotra ny fijerintsika manokana ho hevitr'i Rio Tinto.

Tohan-kevitra

Corporate governance policy and standards – Politika sy fenitra amin'ny fahatsaram-pitantanana ny orinasa
Continuous disclosure standards – Fenitra amin'ny famborahana mitohy

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fangaraharana

Manome teny isika, na amin'ny fotokevitra na amin'ny atao, hampisy ny mangarahara tanteraka mifanaraka amin'ny fahatsaram-pitantanana sy ny fitandroana ny tsiambaratelo ara-barotra.

Rio Tinto dia mamoaka vaovao amin'ny fotoana ilàna izany momba ny toetoetry ny zava-bitan'ny Vondrona amin'ny fitrandrahana sy ara-pitantanam-bola. Jerentsika ny fahamarinany ary ialantsika ny fiangarana amin'ny famborahana vaovao.

Omentsika ny sampan-draharaha sahaza any amin'ny firenena iasan'ny Vondrona ny vaovao angatahana ary aparitantsika amin'ny toerana hivarotana ny petrabolan'i Rio Tinto, amin'ny alalàn'ny fampitam-baovao ary koa mivantana ka anisan'izany ny ao anatin'ny toby oebintsika manokana.

Rio Tinto dia mamoraka avy hatrany ny vaovao rehetra mety azo heverina hanana fiantraikany amin'ny vidin'ny petrabolany mba hahafahana mivarotra ny taratasin'antoka amin'ny tsena mahara-baovao tsara. Ny mpiasa dia tsy maintsy mitatitra amin'ny lehibe mpifehy azy mivantana izay zavatra rehetra mety hanana fiantraikany amin'ny petrabolan'ny Vondrona raha vao mahafantatra izany.

An-tsitrapo no hanomezantsika ny tatitra amin'ny antsipiriany isan-taona mikasika ny Vondrona sy ny toetoetry ny zava-bitan'ny fandraharahany amin'ny lafiny fampandrosoana maharitra.

Tohan-kevitra

Corporate governance policy and standards – Politika sy fenitra amin'ny fahatsaram-pitantanana ny orinasa
Continuous disclosure standards – Fenitra amin'ny famborahana mitohy

Rohy mankany amin'ny fanontaniana sy valiny

Fanazavana mikasika ny "fihatahana amin'ny fitsipika": Amin'ny toe-javatra tena ankavitsiana ihany ny Vondrona no afaka hanome "fihatahana amin'ny fitsipika" voarakitry *'Ny fomba fiasantsika'*. Raha toa misy "fihatahana amin'ny fitsipika" angatahana ho an'ny talen'ny orinasa iray na mpitantana ambony, ny fangatahana toy izany dia ny filankevi-pitantanana na ny "Komity momba ny Fiantsorohana andraikitra sosialy sy amin'ny lafiny Tontolo iainana" ihany no afaka manome azy, ary raha omena dia tokony aboraka amin'ny mpanana petrabola. Ny fihatahana amin'ny fitsipika ho an'ny olona hafa rehetra dia tsy maintsy dinihin'ny lehibe mpitantana iraisana amin'ny Sampana fampanarahan-dalàna ary raha ekeny dia tsy maintsy hanaovana tatitra amin'ny Komity.

Tovana

Sasantsasany amin'ireo fanomezan-teny an-tsitrapo, fifanarahana sy conventions iraisam-pirenena tohanan'i Rio Tinto

- Extractive Industries Transparency Initiative *(Hetsika ho amin'ny Mangarahara eo amin'ny sehatry ny Indostrian'ny Fitrandrahana Harena ankibon'ny tany)*
- Global Sullivan Principles of Social Responsibility *(Fotokevitry ny Andraikitra Sosialy an'I Global Sullivan)*
- International Chamber of Commerce Charter for Sustainable Development *(Fifanarahana momba ny Fampandrosoana Maharitry ny Antenimieram-barotra Iraisam-pirenena)*
- International Council on Mining and Metals Sustainable Development Framework *(Filankevitra Iraisam-pirenena momba ny Lasitry ny Fampandrosoana Maharitra ny Fitrandrahana sy ny Metaly)*
- International Labour Organisation (ILO) Declaration on Fundamental Principles and Rights at Work *(Fanambarana ny Fotokevi-dehibe sy ny Zo amin'ny Asa an'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa)*
- International Labour Organisation Convention 169: Concerning Indigenous and Tribal Peoples in Independent Countries *(Fifanarahana 169 an'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa)*
- Kimberley Process *(Fanapahankevitr'i Kimberley)*
- OECD Convention on Combating Bribery of Foreign Public Officials in International Business Transactions *(Fifanarahana mikasika ny Ady atao amin'ny Kolikolin'ireo Mpiasam-panjakana eo amin'ny Fandraharahana Iraisam-pirenena an'ny OECD)*
- OECD Guidelines for Multinational Enterprises *(Torolalan'ny OECD ho an'ny Orinasa Iraisam-pirenena)*
- Transparency International – Business Principles for Countering Bribery *(Transparency International – Fotokevitry ny Fandraharahana momba ny Ady amin'ny Kolikoly)*
- United Nations Global Compact *(Global Compact an'ny Firenena Mikambana)*
- United Nations Universal Declaration of Human Rights *(Fanambarana mikasika ny Zon'olombelona an'ny Firenena Mikambana)*
- Voluntary Principles on Security and Human Rights *(Fotokevitra An-tsitrapo mikasika ny Fiarovana sy ny Zon'olombelona)*
- World Economic Forum – Global Corporate Citizenship Initiative CEO Statement *(WEF – Fanambaran'ny Tale Jeneraly mikasika ny Hetsika Faobe mifandray amin'ny Orinasa Tompon'andraikitra)*
- World Economic Forum – Partnering Against Corruption Initiative (PACI) Principles for Countering Bribery *(WEF – Fotokevitra amin'ny Ady amin'ny Kolikoly an'ny Hetsika amin'ny Fiombonan'antoka Hanoherana ny Kolikoly (PACI))*

Ity dia tsy maneho ny lisitra feno. Rio Tinto dia nanao fanomezan-teny hafa ankoatr'ireo voarakitry ny lisitra ireo ary misy hafa ihany koa izay mety hankatoavina indraindray.

Rio Tinto plc
2 Eastbourne Terrace
London W2 6LG
United Kingdom

T +44 (0)20 7781 2000

Rio Tinto Limited
120 Collins Street
Melbourne, Victoria 3000
Australia

T +61 (0)3 9283 3333

© Rio Tinto plc and Rio Tinto Limited
Nohavaozina 2009